

27 may 2010.  
14 Sivan 5770.

## Tsy hamono olona ianao.

« *Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra\* amin'ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amin'ny fitsarana; ary na zovy na zovy no hanao amin'ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia miendrika hohelohina amin'ny Synedriona; ary na zovy na zovy no hanao hoe: Foka ialahy, dia miendrika ho ao amin'ny helo mirehitra afo.* » (Matio 5 : 22)

Tamin'ny alalan'i Mosesy Andriamanitra dia nilaza hoe: "*Aza mankahala ny rahalahinao amin'ny fonao; ... Aza mamaly ratsy na manao lolompo amin'izay iray firenena amina: fa tiava ny namanao tahaka ny tenanao: Izaho no Jehovah.*" (Levitikosa 19 :17,18) Ny fahamarinana nampianarin'i Kristy dia ilay nampianarin'ny mpaminany ny israelita taloha saingy nohamaizinina noho ny fahamafisan'ny fony sy ny fitiavany ny fahotàna izany.

Koa noho izany dia nambaran'ny Mpamonjy azy ireo fa raha mikolokolo fankahalàna sy faharatsiam-panahy izy dia meloka mitovy amin'izay melohiny tahaka ny olon-dratsy ihany koa. Tery andafin'ny riaka nivorian'izy ireo ny lemak'i Basana. Toerana manirery izay misampatsampana ka ny havoana feno kirihitra'ala dia zohy fieren'ny jiolahy mpandroba isan-karazany. Mbola tsy miala ao an-tsaina ny famonoana sy ny herisetra nitranga teo ka dia maro no nanameloka tsy misy antra ireo mpanao ratsy. Kanefa ireo mpanameloka mafana fo ireo koa dia mora tohina sy mpanao adilahy izay tsy izy; mikolokolo fankahalàna ireo Romanina mpanjakan-tany. Aminy dia zòny ny mankahala sy manao tsinontsinona ireo firenena hafa ary na dia ny mpiray firenena tsy mitovy hevitra aminy aza. Kanefa amin'izany dia manitsakitsaka ilay didin'Andriamanitra hoe: "*Tsy hamono olona ianao*" izy ireo.

Nitarika ny fanamelohana ho faty ny Zanak'Andriamanitra ny fanahy mankahala sy mamaly faty izay nitsimoka tao amin'i Satàna. Na iza na iza manokatra ny fony hidiran'ny lolom-po sy faharatsiam-panahy dia mandray fanahy izay hamokatra fahafatesana. Mitoetra ao ny ratsy tahaka ny hitoeran'ny tsimoka ao amin'ny masom-boly. "*Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny.*" (1 jaona 3:15)

"*Na zovy na zovy no hanao amin'ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia miendrika hohelohina amin'ny Synedriona*" Nasehoan'Andriamanitra tamin'ny nanomezany ny Zanany hanavotra antsika ny tombam-bidy nanombanany ny olombelona tsirairay sy ny antony tsy hamelany hitenenam-poana ny hafa. Malaky mahita ny fahadisoana sy ny fahalemen'ireo izay manodidina antsika isika kanefa manambara Andriamanitra fa fananany ny olona rehetra satria Mpamorona azy Izy ary koa ambonin'izay dia navotany tamin'ny rà soan'i Jesosy Kristy ireo. Tokony homena fanajàna sy hampisehoana fahamoram-panahy na dia izay ratsy fanahy indrindra aza. Hampamoahin'Andriamanitra amin-tsika na dia ny teny madinika indrindra navoakan-tsika ho an'ny fanahy iray izay nahafotàna i Kristy ny ainy aza.

"*Fa iza no mampihotra anao? Ary inona no anananao, izay tsy noraisinao? Fa raha nandray ihany ianao, nahoana no mirehareha hoatra ny tsy nandray ?*" (1 Korintiana 4:7) "*Iza moa ianao izay mitsara ny mpanompon'ny hafa? Amin'ny tompony ihany no ijoroany na ahalavoany.*" (Romana 14: 4)

"Na zovy na zovy no hanao hoe: Foka ialahy, dia miendrika ho ao amin'ny helo mirehitra afo." Ny nampiasàna ny teny hoe "adala" tao amin'ny testamenta taloha dia nanondroana ireo mpivadika sy amin'ny ratsy. Nilaza i Jesosy fa izay manameloka ny namany ho mpivadika sy manao tsinontsinona an'Andriamanitra dia miendrika hohelohina toy izany koa.

Raha notadiavin'i Satàna nalaina tamin'i Kristy ny nofon'i Mosesy "*dia tsy sahy niteny ratsy hahameloka azy akory Izy*" (Joda 9). Raha voatarika hanameloka Izy dia nandeha teo amin'ny lalan'ny devoly satria ny fanamelohana dia fitaovampiadin'ny ratsy. "*Mpanameloka ny rahalahy*" no iantson'ny Soratra Masina azy. Nandà tsy hampiasa ny fitaovam-piadin'i Satàna Jesosy. Izao fotsiny no nolazainy tamin'ny: "*Hananatra anao anie Jehovah*" (Joda 9).

Natao ho antsika ny ohatra nomeny. Isaky ny mifanehatra amin'ny fahavalon'i Kristy isika dia tsy tokony hamoaka fitenenana mandràtra. Tsy tokony hampiasa fiteny tsy nampiasain'ny Mpanjakan'ny lanitra tamin'i Satàna akory aza ireo mpitondra tenin'Andriamanitra. Ny fitsaràna sy ny fanamelohana dia an'Andriamanitra .

Ellen G. White *Heureux ceux qui...* p 57-58

